# Fampirantiana ara-toekarena sy ara-barotra sinoa sy afrikanina andiany fahatelo

## Hafatry ny Masoivoho Sinoa SEM GUA Xiaomei

Nifarana taamin'ny fahombiazana tanteraka tao Changsha Chine ny 2 jolay 2023 lasa teo ny andiany fahatelo amin'ny Fampirantiana ara-toekarena sy ara-barotra sinoa afrikanina nomena anarana hoe CAETE. Hetsika ara-toekarena sy ara-barotra lehibe tamin'ity taona ity ho an'i Chine sy Afrika io fampirantiana io izay nibanjinana ny lohahevitra hoe "fampandrosoana iombonana ho an'ny ho avy ifampizarana". Naharitra efatra andro ny hetsika ary natrehin'ny solontena avy amin'ny firenena afrikanina 53 sy avy amin'ny fikambanana iraisam-pirenena samihafa.

Isan'ny firenena nasaina am-boninahitra tamin'ny Fampirantiana ho amin'ity taona ity i Madagasikara. Delegasiona mafonja notarihan'ny Minisitry ny Raharahambahiny S.E. Mme Yvette Sylla sy ny Visy-Minisitra misahana ny fiompiana eo anivon'ny Ministeran'ny Fambolena sy ny Fiompiana no nandray anjara tamin'ny Fampirantiana. Orinasa Malagasy folo no nampahafantatra ireo vokatra mampalaza an'i Madagasikara toy ny vanille, ny jirofo, ny rhum, ny sokolà, ny cacao, ny lohamenaka, ny vokatra samihafa avy amin'ny lamba tao anatin'ny trano heva lehibe mahatratra 300 m². Olona 100 000 sy mpandraharaha matihanina 9000 no tonga nitsidika sy nividy ireo vokatra ireo.

Nandritra ity Fampirantiana ity, nanao sonia ny fifanarahana eo amin'ny firenena roa tonta ny Visy Minisitra ny Fiompiana sy ny Tale Lefitra ny Filankevi-pitantanana ny Fadintseranana Sinoa. Fifanarahana mikasika ny fizahana sy ny fanokanana monina ny henan'ondry haondran'i Madagasikara mankany Chine izay manokatra lalam-baovao amin'ny fanondranana sakafo ho an'i Madagasikara sy ny fiaraha-miasa ara-barotra eto amin'ny firenena roa tonta. Nisongadina tao amin'ny trano heva ihany koa ny vary "hybride" izay vokatry ny tetikasa eo amin'ny fiaraha-miasa sinoa sy malagasy mitondra fanantenana lehibe eo amin'ny fametrahana ilay ezaka "Fehikibo sy Làlana" eo amin'i Chine sy Afrika nandritra ity Fampirantiana.

Nandritra ny Fihaonana an-tampony mikasika ny fiaraha-miasa sinoa sy afrikanina (FOCAC) natao tao Beijing tamin'ny taona 2018 sy noho ny finiavan'ny Filoham-pirenena sinao Xi Jinping no namoronana ny Fampirantiana ara-toekarena sy ara-barotra Chine Afrique. Io no vovonana voalohany eo amin'ny fiaraha-miasa ara-toekarena sy ara-barotra eo anivon'ny firenena sinoa sy ireo firenena afrikanina. Isaky ny roa taona ny Fampirantiana ka ao Changsha renivohitry ny faritany Hunan no hanaovana azy. Miahy miaraka ny hetsika ny Ministeran'ny Varotra sinoa sy ny Governemantam-bahoakan'ny faritany Hunan. Tamin'ny taona 2019 sy 2021 ny andiany roa voalohany ary samy nahitana fahombiazana. Araka ny antontan'isa fantatra, nahatratra 120 ny tetikasa ho amin'ny fiaraha-miasa natao sonia nandritra ny Fampirantiana izay mitentina hatrany amin'ny 10,3 miliara dôlara US.

Heveriko fa zavatra telo no nanome lanja ny Fampirantiana eo amin'ny fanandratanan ny fiaraha-miasa ara-toekarena sy ara-barotra sinoa sy afrikanina. Voalohany, sehatra lehibe iray ho an'i Madagasikara sy ny firenena afrikanina hampahafantarana ny vokatra mampiavaka azy ireo amin'ny tsena sy ny mpanjifa sinoa ny Fampirantiana. Faharoa, vovonana hahafahan'i Madagasikara sy ireo firenena afrikanina manandratra ny fahafahana amin'ny fampiasam-bola ny Fampirantiana. Nandray anjara mavitrika tamin'ireo hetsika samihafa tao anatin'ny Fampirantiana ny delegasiona Malagasy nampahafantatra ny herijikan'i Madagasikara mahakasika manokana ny vokatra voajanahary, ny tombontsoa amin'izany eo amin'ny fidirana amin'ny tsenam-paritra sy ny tsena iraisam-pirenena, ny politika manome vahana ny fisarihana famatsiam-bola avy any ivelany. Noho ny Fampirantiana, fantatry ny orinasa sinoa ireo fanararaotra ara-barotra aty Madagisakara izay hametraka fototra mafy eo amin'ny fampiasam-bola ho avy aty antoerana. Fahatelo, vovonana mivantana sy mahomby hahafahan'ny orinasa sinoa sy afrikanina mifanakalo hevitra mandalina ny fifankalalan'ny roa tonta sy midinika ny fiaraha-miasa ara-barotra sy ny fampiasam-bola ny Fampirantiana.

Firenena voalohany eo amin'ny lafiny ara-barotra sy eo amin'ny lafiny fanafarana ho entana ho an'i Madagasikara nandritra ny valo taona i Chine ary fahatelo kosa eo amin'ny lafiny fanondranan'i Madagasikara entana tamin'ny taona 2022. Araka ny antontanisa avy amin'ny Ladoany Sinoa, nahatratra 2,08 miliara dôlara US ny vokatry ny raharaham-barotra teo amin'ny firenena roa tonta tamin'ny taona 2022, izany hoe nitombo 29,2% nandritra ny taona ka fanafarana entana avy any Chine 1,455 miliara dôlara US 5 (+13,9% nandritra ny taona) sy fanondranana entana mankany Chine 625 tapitrisa dôla US (+87,8% nandritra ny taona).

Vonona aho hiara-miasa amin'ireo namana Malagasy hampiasa ireo fanararaotra vaovao nentin'ny Fampirantiana amin'ny fanatanterahana hatrany ireo tetikasam-piaraha-miasa tafiditra ao anatin'ny "Fandaharana Sivy" eo anivon'ny FOCAC mba hitrandrahana lalina ny herijika eo amin'ny fiaraha-miasa ara-toekarena sy ara-barotra eo amin'ny firenena roa tonta ka hisitraka ny vokatry ny fiaraha-miasa ny vahoakan'ny firenena roa tonta.



Nisokatra tamin'ny fomba ofisialy ny 29 jiona 2023 ny Fampirantiana ara-toekarena sy ara-barotra sinoa sy afrikanina fahatelo izay natao tao Changsha ao amin'ny faritanin'i Hunan.



Ny delegasiona Malagasy tarihin-dRamatoa Minisitry ny Raharaham-bahiny miaraka amin'ireo sinoa mpikarakara ny Fampirantiana.



Ireo nanao sonia ilay fifanarahana momba ny fizahana sy fanokanana monina ny henan'ondry avy aty Madagasika ho any Chine nandritra ny Fampirantiana.



Mamantatra ny "Vita Malagasy" ire orinasa sinoa.



Ireo vokatra tsara sy mampalaza an'i Madagasikara.



Mampahafantatra ny vokatra Malagasy ny mpiandry ny trano heva.


Manana endrika baobab ny zavatra naseho.


Isa'ireo vokatra avy aty Madagasikara nahasarika olona ny cacao.


Mihaino ny fanazavana momba ny cacao Malagasy ity tovovavy sinoa ity.


Miaraka amin'ilay zazavavy sinoa ity tomponandraikitra iray eo amin'ny trano heva ity manao sarin'ny fo amin'ny tanana.


Manadihady momba ny akanjon'ankizy "vita Malagasy" ireo ankizy sinoa.



Nahaliana ireo mpitsidika ny trano heva an'i Madagasikara.



Ireo mpitsidika manoloana ny trano heva an'i Madagasikara.


Isan'ny tena nahaliana sy tian'ny sinoa ny lohamenaka sy ny "épices" avy aty Madagasikara.


Ampahany amin'ireo vokatra Malagasy hita ao amin'ny trano heva.



Amin'ny maha-firenena vahiny manokana an'i Madagasikara, nomena trano heva iray fanampiny izy tao amin'ny foiben'ny CAETE.




Miato kely eo anoloan'ny trano heva an'i Madagasikara ao amin'ny CAETE ireto mpitsidika ireto.



Nampahafantatra ny vokatra Malagasy tamin'ny alalan'ny fitantarana mivantana ireo orinasan-tserasera sinoa.


Maka sary eo amin'ny trano heva an'i Madagasikara.



Ny trano heva lehibe tamin'ny Fampirantiana ara-toekarena sy ara-barotra sinoa sy afrikanina fahatelo entina manatanteraka ny "Fehikibo sy Làlana " eo amin'i Chine sy Afrika tao amin'ny CAETE